



Nataon'ny Loholona Bruce A. Carlson
Ao amin'ny Fitopololahy

Rehefa Mandidy ny Tompo

Ny fankatoavana feno fabatokiana na manao aboana na manao aboana ny halehiben'ny asa dia habazoana ny fitaribana sy ny fanampiana ary ny fiadanan'ny Tompo.

Misy tantara iray ity mikasika lehilahy roa izay mankafy fialamboly any ankalamjana, izay nanoefa fiaramanidina kely hitondra azy ireo any amin'ny farihy lavitra iray mba hanaovan'izy ireo ny dia fanao isan-taona handehanana manjono. Taorian'ny fahombiazan'ilay fivoahana dia niverina ilay mpanamory mba haka azy ireo. Nefa nampandre faingana ireo mpanjono izy fa ny fiaramanidina keliny dia tsy hahazaka azy ireo sy ny fitaovan'izy ireo miampy ny vesat'i ireo trondro izay vao azon'izy ireo. Tsy maintsy nilaina ny fanofana fiaramanidina faharoa.

Ireto mpanao fanatanjahan-tena ireto dia tsy nazoto loatra ny handoa vola indray hanaovana sidina fanindroany mandeha sy miverina. Noho izany, rehefa nampanantena fa hanorona tsara ny entany miaraka amin'ny fanampim-bola kely izy ireo dia nanai-ky tsy sazoka ny hanandrana hisidina ilay mpanamory.

Nitsiky tamim-panahy iniana ireto mpanjono rehefa nanao izay hiaingan'ilay fiaramanidina ilay mpanamory. Kanefa, segondra vitsy taorian'izany dia nihena ny hafainganam-pandehan'ilay fiaramanidina ary dia nianjera tao anatin'ny honahona

tany amin'ny sisin'ilay farihy.

Nihena ny hafainganam-pandehan'ilay fiaramanidina rehefa tsy nisy ilay toe-javatra antsoina hoe "fiantraikan" ny tohi-drivotry ny tany". Teraka ho azy ilay atao hoe 'fiantraikan'ny tohi-drivotry ny tany' rehefa voatery eo anelanelan'ny elatry ny fiaramanidina sy ny tany ny rivotra—rehefa tena mifanakaiky izy roa ireo. Tamin'ity toe-javatra ity anefa, rehefa niainga tsimoramora ilay fiaramanidina ka tsy nisy ilay "fiantraikan"ny tohi-drivotry ny tany" dia nila nanidina tamin'ny alalan'ny hery manainga azy manokana izy, izay zavatra tsy vitany mihitsy.

Soa ihany fa tsy nisy ny naratra mafy ary rehefa tafaverina ny sain'ireo mpanjono, dia nanontany ilay anankiray hafa ilay mpanjono iray hoe, "Inona no nitranga?" namaly ilay faharoa hoe; "Nianjera teo am-piaingana isika—teo amin'ny sivifolo metatra miala ny toerana nianjerantsika tamin'ny herintaona!"

Toy ireo mpanao fanatajahan-tena roa ireo, indraindray isika dia mihevitra fa tokony hisy fomba mora kokoa, na hitsin-dalana na fanovana ny didin'ny Tompo ka hahamety ny toe-piaianstsika manokana. Ny eritreritra tahaka izany dia tsy mahafantatra fa

ny fankatoavana tanteraka ny didi-n'Andriamanitra dia mitondra ny fitahiany ary ny tsy fanarahana ny lalany kosa dia mitarika any amin'ny vokany izay voavinany mialoha.

Tamin'ny fotoana niantsoana azy ho Filohan'ny fiangonana, dia nilaza i Harold B. Lee hoe: "Ny fiarovana ny Fiangonana dia miankina amin'ny mpikambana izay mitandrina ny didy . . . Rehefa mitandrina ny didy izy ireo dia ho avy ny fitahiana"¹

Rehefa misafidy ny tsy hankato didy iray isika, dia matetika satria (1) Nandresy lahatra ny tenantika isika fa tsy mihatra amintsika izany didy iza-ny, (2) Tsy mino isika fa manan-danja ilay didy *na* (3) Tena mihevitra isika fa sarotra hankatoavina loatra ilay didy.

1. Izany didy izany dia tsy mihatra amiko.

Nandritra ny taona fiafaran'ny fandrianan'ny Mpanjaka Solomona dia nampahafantatra azy ny mpaminany iray hoe, "dia hendahako ho afaka aminao tokoa ny fanjakana ka omeko ny mpanomponao."²

Fotoana fohy taorian'izay, ny mpaminany Ahia dia nahafantatra fa izany mpanompo izany dia i Jeroboama, lehilahy "mahavita raharaha" izay nataon'i Solomona "mpifehy ny taranak'i Josefa tamin'ny fanompoany rehetra."³ Ny andraikir'i Jeroboama dia nahatonga azy hiala ny volitr'i Efraima izay fonenany mba ho any amin'ny renivohitr'i Jerosalema. Nandritra ny iray tam'in'ireo diany ireo, ny mpaminany Jeroboama dia nihaona taminy teny an-dalana ary naminany hoe, "...raiso ho anao ny tapatapany folo."⁴ Niteny tamin'i Jeroboama koa izy hoe: "... ary raha . . . mandeha amin'ny lalako, . . . ka mitandrina ny didiko sy ny lalako, . . . dia ho aminao Aho, . . . ary omeko anao ny Isiraely."⁵

Rehefa nandre ny faminanian'i Ahia i Solomona dia nikatsaka ny hamono an'i Jeroboama izy ary dia nandositra tany Egypta i Jeroboama.⁶ Taorian'ny fahafatesan'i Solomona dia niverina avy tany an-tesitany tany amin'ny tapan'y avaratr'i Isiraely i Jeroboama ary nanomboka nitarika ireo foko folo avy any avaratra.⁷

Kanefa, ny drafitr'i Jeroboama hitarika ny fanjakana dia nampiditra

fifangaroan'ny tsara sy ny ratsy. Nametraka an'i Sekema ho renivohitry ny firenena izy, tanàna izay misy lanjany ara-pivavahana lehibe ho an'ny mponina tao aminy. Saingy ny nampa-lahelo dia nampiditra fomba amam-panaon'i Satana tao amin'ny fomba vivavahan'izy ireo izy.⁸

Toy ireo mpanjono, i Jeroboama dia nandresy lahatra ny tenany fa ny didin'Andriamanitra sasany dia tsy ni-hatrataminy. Ho vokatry ny asany dia maty novonoina avokoa ny taranany noho ny fomba amam-panao ratsy izay nampidiriny tao amin'ireo ôrdônanisy masin'izy ireo, ary lasa nentina niala ny tany lovany ny foko folon'i Israely.⁹

Ny fanajana tapany ny lalàn'Andriamanitra dia tsy hitondra eo amintsika ny fahafenoan'ny fitahiana avy amin'ny fankatoavana, toy ilay fanidinana tsy nisy ilay 'fiantraikan'ny tohi-driverty ny tany' sy ny vesatra mihoatra noho izay zakan'ny elatry ny fiaramnidina iray izay hitarika vokany mahatsiravina.,

2.Tsy manan-danja ity didy ity.

Amam-polo taonany maro taty aoriana, i Namàna, Syriana iray mahery, "lehilahy mahery sady nanan-kaja"¹⁰ dia niala avy tamin'ny tany niaviany ho any Israely ary nangataka ny mpanjaka Jeroboama mba hositraina amin'ny habokana.¹¹

Nasaina nandeha tany amin'ny mpaminany Elisa i Namàna. ". . . Ary Elisa naniraka olona tany aminy hilaza hoe: Mandehana, mandroa impito ao Jordana, . . . ka hadio ianao."¹²

Na dia teo aza ny fampanantenan'i- lay mpaminany fa hadio izy dia tezitra tamin'i Elisa noho ny tsy niarabahany azy mivantana i Namàna ary dia nahatsiaro natao tsinontsinona izy noho ny torolalan'ny mpaminany ny hisasany impito tao amin'ilay renirano Jordana izay kely sy mamotaka. Ny habompony dia nitaky zavatra malaza sy lehibe kokoa, zavatra mifanaraka amin'ny toerana misy azy eo amin'ny fiarahamonina sy ny firenena.

Soa ihany fa nandresy lahatra an'i Namàna ny mpanompony hoe na dia teo aza ny zavatra nasain'ny mpaminany nataony, raha mankato izy dia hitondra ny fitahian'ny Tompo eo aminy izany. I Namàna dia nanetry ny tenany



ka nanaiky ilay didy izay toa mora ka nisasa tao amin'ny Renirano Jordana araka ny voalaza. Vokatry ny fankatoavany dia sitrana tamin'ny habokana izy.¹³

Ny fankatoavana ny didin'ny Tompo, na dia tsy misy dikany na tsy misy lanjany manao ahoana aza ny fiheverantsika azy ireny dia azo antoka fa hitondra ireo fitahiana nampantanainy.

3. Sarotra loatra ity didy ity:

Nanaraka ny tenin'ny Tompo ny mpaminany Lechia ka nitondra ny fiana-kaviany tany an-tany foana. Nandritra ny herinandro vitsy voalohany tamin'i- lay dia dia nampianatra ireo zanakalahiny roa zokiny indrindra voalohany i Lechia, dia i Lamàna sy i Lemoeila, mba ho "maf sy maharitra ary mifototra amin'ny fitandremana ny didin'ny Tompo!"¹⁴

Kanefa rehefa tonga ilay didy arapaminaniana hiverina any Jerosalema mba haka ilay takela-barahina misy ny "rakitsoratry ny jiosy,"¹⁵ izy roalahy zokiny ireo dia nilaza hoe, "sarotra ny zavatra izay takiana."¹⁶

Na dia teo aza ny fimonomonona-n'ireo zokiny lahy, ny finoana sy fankatoavan'i Nefia ny didin'Andriamanitra dia nitarika tamin'ny fahazoana ireo takela-barahina. Voaorina ny firenena iray, voatahiry ny fiteny iray ary ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia nampianarina nandritra ny taranaka nifandimby.

Indraindray isika dia mety miezaka manamarin-tena fa ny Tompo dia hahatakatra ny tsy fankatoavantsika satria ny toe-javatra iainantsika manokana

dia vao maika hahatonga ny lalàny ho lasa sarotra na mahamenatra na mampijaly mihitsy aza. Kanefa, ny fankatoavana feno fahatokiana na manao ahoana na manao ahoana ny halehiben'ny asa dia hahazoana ny fitahiana sy ny fanampiana ary ny fiadanan'ny Tompo.

Ny Mpaminany Joseph Smith dia nanao fangatahana tamin'ny Tompo indroa, nanontany raha toa i Martin Harris, izay namana manan-kaja iray ka afaka maka ireo pejy 116 voalohany avy ao amin'ny "bokin'i Lechia," izay voadika tanana hoentina avy any Harmony, Pennsylvanie dia haoverina any Palmyra. Ary dia nanoro hevitra an'i Joseph foana ny Tompo tsy hanome ireo rakitsoratra ireo an'Andriamatoa Harris.

I Martin dia nikatsaka ny hampiasa ireo dikanteny ireo ho porofo hanakanana ireo mpiara-miasa aminy tsy hanely tsaho mikasika azy sy ny finamanany amin'i Joseph Smith. Tamin'ny fangatahana fahatelo dia nanaiky ny fitalahoan'i Joseph ny Tompo.¹⁷

Narian'i Martin ilay rakitsoratra ary vokatr'izany dia nalaina tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ireo takelaka nandritra ny fotoana maharitra. Izany dia lesona nampanaintaina ho an'ny Mpaminany Joseph izay niteny hoe: "Nataoko ho fitsipi-piainalako izao: *Rehefa mandidy ny Tompo dia atao-vy.*"¹⁸ Izany dia azo atao ary tokony atao fitsipi-piainalantsika ihany koa.

Ny valintenin'ny Tompo rehefa mankato ny didiny isika dia azo antoka. Nampanantena antsika izy hoe: "Raha mitandrina ny didiko ianao ary

maharitra hatramin'ny farany dia ho azonao ny fainana mandrakizay.”¹⁹

Ankoat'izany dia nanoro hevitra antsika izy hoe: “Izaho Tompo dia manindra fo sy miantra ireo izay matahatra Ahy ary *finaritra* ny hankalaza ireo izay manompo Ahy amin’ny rariny sy amin’ny fahamarinana hatramin’ny farany.”²⁰

Ny fankatoavana ny didin’ny Tompo dia manome antsika fahatokiana amin’i-lay lalana nosafidantsika, ary mahatonga antsika ho mendrika ny fitarihany sy ny torolalany rehefa manohy ny ezaka ataantsika isika ary manolotra antsika ny fahafahana ho tonga tahaka ny Mpamony antsika, dia i Jesoa Kristy sy ny fiverenana eo anatrehan’ny Ray.

Mivavaka aho mba hitolomantsika isan’andro ho mpankato kokoa ireo lalana sy ôrdônansy ary ny didin’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy mba hahafantsika ho voatahy bebe kokoa eo amin’ny fainantsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fankatoavana ny didin’Andriamanitra dia mitondra ny fitahian’ny lanitra, ary velona ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany Lahy, Jesoa Kristy. Ny Bokin’i Môrmôna dia tenin’Andriamanitra ary ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminanin’ny Tompo amin’izao andron-tsika izao. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Harold B. Lee, quoted in Stephen W. Gibson, “Presidency Meets the Press,” *Church News*, July 15, 1972, 3.

2. 1 Mpanjaka 11:11

3. 1 Mpanjaka 11:28

4. 1 Mpanjaka 11:31

5. 1 Mpanjaka 11:38

6. Jereo 1 Mpanjaka 11:40

7. Jereo 1 Mpanjaka 12:2–3, 20

8. Jereo 1 Mpanjaka 12:25–30

9. Jereo 1 Mpanjaka 14:10, 15–16

10. 2 Mpanjaka 5:1

11. Jereo 2 Mpanjaka 5:5–6

12. 2 Mpanjaka 5:10

13. Jereo 2 Mpanjaka 5:11–14

14. 1 Nefia 2:10

15. 1 Nefia 3:3

16. 1 Nefia 3:5

17. Jereo *History of the Church*, 1:20–21; Fotompampianarana sy Fanekepihavanana 3:10

18. *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith (Enseignements des Présidents de l'Eglise)* (2007), 160

19. Fotompampianarana sy Fanekepihavanana 14:7

20. Fotompampianarana sy Fanekepihavanana 76:5, nampiana fanamasifana



Nataon'ny Loholona David A. Bednar

Ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo

Miambena amin’ny Faharetana Rehetra

Ireo fomba fampitandremana mialoha ara-panaby . . . dia afaka hanampy ireo ray aman-dreny ao Ziona mba ho mailo sy hamantatra ny zavatra mahakasika ireo zanany.

Vao tsy ela akory izay raha nitondra fiarakodia aho dia nanombo-ka nипитиптика teo amin’ny fitara-piarakodiako ny orana nandritry ny oram-baratra iray. Teo amin’ny sisindalana dia nisy mari-pamantarana iray mampitandrina manao hoe: “Rano Miangona ao Aloha ao.” Toa tsy nisy atahorana ny arabe nandalovako kane-fa ny fisian’izany filazana lehibe izany dia nanampy ahy hiomana tamin’izay loza mety hitranga tsy ampoiziko sy tsy mbola hitako. Teo am-panohizana ny diako nankany amin’ny halehako aho dia nandeha moramora sady njery tsara ireo mari-pamantarana fanampiny mampitandrina amin’ny loza.

Mibaribary tokoa ireo mari-pamantarana mampitandrina amin’ny loza mialoha eo amin’ny lafiny maro ao amin’ny fainantsika. Ohatra, ny fainaviana dia mety ho fambara amin’ny aretina. Ireo mari-pamantarana maro eo amin’ny lafiny ara-bola sy ny arabaratra dia ampiasaina mba hamantarana ny tranga ho avy eo amin’ny toe-karena eo an-toerana sy eo amin’ny sehatra nasiōnaly. Ary miankina amin’izay toerana iainantsika eto amin’izao tontolo izao no mety hahenoantsika fampitandremana mikasika ny tondradrano, ny fihotsahan’ny ranomandry,

na rivo-doza, na tafoko-dranomasina mahery sy avo, na tadio mahery vaika, na tafiodrivotra mandritra ny ririnina.

Manana ireo mari-pamantarana mampitandrina mialoha ara-panahy koa isika izay loharanom-piarovana sy fitarihana eo amin’ny fainantsika. Tsarovy ny fomba nampitandrem’Andriamanitra an’i Noà amin’ny zavatra mbola tsy hitany akory, ary “nanamboa[tra] sambo-fiara [izy] hamonjena ny ankohonany” (Hebreo 11:7).

Nampandrenesina i Lehia mba hiala any Jerosalema hiaraka amin’ny fainaviana ho any an-tany foana satria nikatsaka ny hamono azy ireo olona nitoriany fibebahana (Jereo 1 Nefia 2:1–2).

